Ny Valosoa sy hadihady

Fitsangatsanganana eny Imerinkasinina

Misamboaravoara sy manonja ny raharaham-pirenena

Misamboaravoara sy manonja tanterakaa ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana. Androany tokoa dia andro iray hipetraka eo amin'ny tantaran'ity Firenena manankarena, fa misy mponina mahantra indrindra manerantany ity. Tsy mifanaraka amin'ny lojikam-piainana izao toe-draharaha misy eto izao, satria raha tena tantanana ara-drariny sy hitsiny ary am-pahamarinana izany harena izany dia handroso tokoa ity Firenena ity ary hiadana sy ho finaritra tokoa ny vahoaka Malagasy. Manonja sy misamboaravoara toy izay misy amin'ny toetr'andro ao anaty rivodoza ny ranon'ny fiainana ara-politika eto. Mivoaka daholo ny fahotana mahafaty nataon'izao fitondrana izao, nandritra ny roa taona nampindramana azy ny fahefana izao. Notakonana tao ambadiky ny fandefasana izao horonan-tsary mampan-drevirevy rehetra izao ny fanondranana antsokosoko ny fananam-bahoaka. Natao fitaovana nentina nanao izay rehetra tian'ny mpitondra natao ny valanaretina covid-19, ka ny vola fanampiana nomen'ny mpiaramiombon'antoka nanalefahana ny fiantraikan'izany teo amin'ny fiainam-bahoaka sy ny toekarena dia nahodina tamin'ny fomba tena mahamenatra sy manalabaraka. Ny fahavitan'ny arabe migodana (autoroute) mampitohy ny renivohitra amin'i Miami (ex-Toamasina) ho vitaina amin'ny taona 2023 dia tsy hampivoatra ny fiainan'ny mponina ao amin'ireo tanàna roa ireo sy ny tanàna handalovany, toa an'i Paris (ex-Ambatondrazaka). Efa mandady amin'ny tany ny mponina eto amin'ity Nosy ity noho ny fampahantrana azy ataon'ny mpitondra aminy dia mbola miaro ny tsy azo arovana ireo mahazo tombontsoa sy mpiray tsikombakomba amin'ny fanodinkodinana ny harena tokony ho sitrahan'ny vahoaka tsy mandady harona. Ny fiandohan'ny volana febroary dia fotoana nametraka tantara teto amin'ny Firenena. Ampahatsiahivina, ny 5 Febroary sy 11 Febroary 1975: ny voalohany dia nanoloran'ny Jeneraly Ramanantsoa Gabriel ny fahefana ho an'ny Kolonely Ratsimandrava Richard, zava-dehibe ho an'ny Firenena ny nanambaran'ity farany hoe "tsy hiamboho adidy aho mon général". Andro vitsy taty aoriana, ny 11 Febroary, dia nanaovana velam-pandrika teo Ambohijatovo ny Kolonely Ratsimandrava Richard. Hadino hatreo ny rafitra fiaraha-monina malagasy mifototra amin'ny Fokonolona. Niteraka korontana teto amin'ny Firenena ity toe-draharaha ity satria nanao haza lambo ny FRS, mpitandro ny filaminana tamin'izany fotoana izany, ny vahoaka. Efatra ambitelopolo (34) taona taty aoriana, ny 7 Febroary 2009, dia mponina maro teto an-drenivohitra no namporisihana hanani-dapa tetsy Ambohitsorohitra. Ny Filoham-pirenena tamin'izany no nampangaina ho nampitifitra ireo lavo tamin'izany. Enina ambiefapolo (46) taona aty aoriana, anio 6 Febroary, dia manambara ny mpitondra ankehitriny amin'ny alàlan'ny gazety nivoaka omaly zoma hoe: "Tsy mihemotra amin'ny fanakorontanana ny mpanohitra". Raha vakiana io lohateny io dia tsy ny mpanohitra izany no hitondra korontana, kanefa hiroso amin'izay lamina efa nokasainy izy. Araka ny vaovao dia efa nanomana "be sandry" hanakorontana tokoa ny fitondrana, ka hamerina ny nahazatra azy hatramin'izay. Ny hery anefa tsy mahaleo ny fanahy ary aleo halan'andriana toy izay halam-bahoaka. Soa fa mbola malalaka ity Nosy ity, soa fa ranomasina ny manodidina azy, ka làlan-tokana ihany no hahazoana mitsoaka avy eto dia ny manidina ihany, sarotra araka izany ho an'izay mikasa hanao fialan'ny jiosy eto ny ho tafaporitsaka.

Andry Tsiavalona

Antoko TGV

Nanaiky ny mpanohitra sao tsy mahazo alàlana rahampitso

Nivoitra nandritry ny fivorian'ny antoko TGV, fa hanao tsiahy ny datin'ny 7 Febroary 2009 nisian'ny fanonganam-panjakana nataon'izy ireo teto Madagasikara izy ireo rahampitso. Tsy maintsy hanao fangatahana nefa, ka manahy ny tsy hahazo izany, satria mila 48 ora mialoha vao afaka mahazo fankatoavana. Anisan'ny antony tsy maintsy naneken'izy ireo ny fitsangatsanganan'ny mpanohitra anio eny Imerinkasinina izany. Mbola voiziny, fa ny filoha Marc Ravalomanana hono no nahatonga ny tifitra teny Ambohitsorohitra, ka nahafatesana olona maro sy naratra tamin'izany fotoana, na dia efa fantatra aza fa fanonganam-panjakana niainga teny amin'ny kianjan'ny 13 mey Analakely no fototry ny olana tamin'izany rehefa tsy nanaiky ny fampitandremana natao tamin'izy ireo noho ny fanafihana lapa-panjakana. Ny Praiminisitra Monja Roindefo tamin'izany no nitarika ny vahoaka hiaka-dapa rehefa nahazo ny tso-dranon-dRajoelina teo amin'ny 13 mey, ka niteraka ireny fahafatesan'olona sy naharatrana olona maro be ireny. Mbola niniana naely ihany koa ny tsaho, fa ny filoha Ravalomanana no namono olona tamin'izany fotoana izany. Ny tantara anefa no hitsara ny zava-nisy marina tamin'izany fotoana izany ary fantapoko, fanta-pirenena izany, tsy meloka ny filoha Marc Ravalomanana. Mody natao ny tohana ho an'ny fianakavian'ireo niharam-boina tamin'izany ary lazaina, fa tsy mijery fotsiny ny manjo ny malagasy ny mpitondra fanjakana tamin'izany ary mbola mitady hanohy izany hatrany. Soa fa efa mahafantatra ny vahoaka malagasy, ka tsy azo andaingana intsony satria efa 12 taona no nanao fanadihadiana nitadiavana ny marina teto na dia misy hatrany aza ny lainga tsara lahatra nataon'ny mpitondra tamin'izany ary mbola mitohy ankehitriny ny fiheverana ny malagasy ho badraodra.

Rajo

TSY HIAMBOHO ADIDY AHO MON GÉNÉRAL

46 taona lasa izay, fantaro ny governemanta Ratsimandrava

Feno 46 taona ny nandraisan'ny Kolonely Richard Ratsimandrava, ny fahefana feno avy tamin'ny Jeneraly Gabriel Ramanantsoa, nitondra ny tany sy ny fanjakana.

NANDRAY ANDRAIKITRA NY KOLONELY RATSIMANDRAVA

Raha tsiahivina ny tantara dia nampanao fitsapankevibahoaka ny Jeneraly Ramanantsoa ny 08 Oktobra 1972, izay nanome fahefana azy hitondra mandritra ny dimy taona, nisy andininy iray tamin'ny lalàna " loi référendaire", izay nanome fahefana ny Jeneraly Ramanantsoa hamindra ny fahefana ho an'olona iray izay safidiny, raha tonga ny fotoana tsy hahafahany intsony mitondra ny firenena.

Ny 25 Janoary 1975 dia nandray fanapahan-kevitra ny Jeneraly Ramanantsoa nandrava ny governemanta notarihany, kabary miaramila fohy no nataony, ka ny antony nambarany nandravana ilay governemanta dia nisy ny tsy firaisantsaina tao anatiny ka naleo noravana.

Raha mbola samy niandry ny fananganana ny governemanta vaovao ny vahoaka malagasy, dia tsy izay no niseho fa nampiasa ilay andininy iray

tao amin'ilay "loi référendaire" ny Jeneraly Ramanantsoa, ka natolony ny Kolonely Ratsimandrava ny fahefana feno ny alarobia 05 Febroary 1975; "Tsy hiamboho adidy aho Mon Général" hoy ny feo nivoaka ny vavan'ny Kolonely Richard Ratsimandrava, fantatro hoy izy fa mila olona vonona sy sahy mandray andraikitra ny fotoan-tsarotra lalovan'ny firenentsika.

RATSIMANDRAVA FA TSY RATSIRAKA

Minisitra roa no nisongadina tao amin'ny governemanta notarihan'ny Jeneraly Ramanantsoa, dia ny Kolonely Richard Ratsimandrava minisitry ny atitany, namelona indray ny rafitra fokonolona tamin'ny fanjakan'ny mpanjaka Andrianampoinimerina sy nahavita nitety an'i Madagasikara nitafa tamin'ireo vahoaka nanao ny "alaolana", ny faharoa dia ny Capitaine de frégate Didier Ratsiraka ministry ny raharahambahiny, izay voalaza fa nanavao ny fifanarahampiarahamiasa frantsay sy malagasy, nanapaka ny fifandraisana tamin'i Afrika atsimo nalaza ho mpanavakava-bolonkoditra tamin'izany ary nanokatra ny fifandraisan'i Madagasikara tamin'ireo firenena tatsinanana.

Ny anaran'izy roalahy no niverimberina matetika sy nandrasan'ny maro ho mpandimby ny Jeneraly Ramanantsoa, kinanjo ny takarivan'ny 05 Febroary 1975 dia niantefa tany amin'ny Kolonely Ratsimandrava ny safidin'ny Jeneraly Ramanantsoa.

NY GOVERNEMANTA RATSIMANDRAVA

Ny harivan'io 05 Febroary 1975 nandraisan'ny Kolonely Ratsimandrava ny fahefana io dia efa voatendry koa ireo ministra 15 niara-niasa taminy nahitana, manamboninahitra miaramila 6 sy teknisianina sivily 9.

Ireo manamboninahitra miaramila 4 ministra tao amin'ny governemanta Ramanantsoa dia mbola tao amin'ny governemanta Ratsimandrava avokoa, afa tsy ny Capitaine de frégate Didier Ratsiraka, ary tamin'ireo teknisianina sivily 6 tao amin'ny governemanta Ramanantsoa dia Andriamatoa Daniel Rajakoba sisa no mbola niditra tao amin'ny governemanta Ratsimandrava. Mikasika ireo manamboninahitra 6 minisitra vaovao indray dia 3 avy ao amin'ny tafika ary 3 avy amin'ny zandarimariampirenena, tsy iza ireo fa ny komandà isany : Rakotoarijaona Desiré (ministry ny fitantanambola), Soja (ministry ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra), Andriamaholison Richard (minisitry ny fampahalalambaovao). Mikasika ireo minisitra sivily 9 dia misy 2 avy amin'ny antoko Vonjy notarihan'ny Dr Razanabahiny Marojama, tsy iza ireo fa ny Dr Radio Céléstin (ministry ny fahasalamana), sy Sambson Gilbert (ministry ny ati-tany), tsy nisy ny olona avy tamin'ny antoko AKFM.

Na dia efa filohampirenena aza ny Kolonely Ratsimandrava dia mbola teny amin'ny ministeran' ny atitany ihany no birao niasany ary mbola teny Anjohy ny trano nitoerany. Mendri-piderana ny fahasahiana nananan'ny Kolonely Ratsimandrava satria na dia fantany aza fa maro ny fahavalony, noho ny fitiavantanindrazana tao ampony, dia mbola noraisiny ny fahefana, izay vato mafana ary mbola nahasahy niteny izy hoe : " TSY HIAMBOHO ADIDY AHO MON GENERAL ".

Ny Valosoa

TONONKALO

Manenjika sy manaratsy f`efa tena lany vatsy ?

Ny manaratsy anay mpanohitra, izay no sisa fara hery
F`efa tsisy tsy mipoitra ny halatra sy ny hagegena ?
Raha izaho no toa anareo dia marina tsy aleoko miery
Ry mpibizina andramena sy mpanondram-bolamena !

Dia adala ve ny gasy sa dia mbola hokilasiana
Ho tena bado sady vendrana ka ho mora ambakaina ?
Antsokosoko hoe ny sidina ? Izay no aely sy tsindriana
Ry olo-ngeza, be galona, mihevi-tena ho lalin-tsaina ?

Dia hiteny indray `nareo fa tsy hanana antra, tsy hitsitsy,
N`iza diso, n`iza meloka, eny na mpiray antoko ?
Nefa avy eo hidradradradra fa hoe "matoatoa" mihitsy
Ilay nanondram-bolamena sy namoaka antsokosoko ?

Aza tia ny manabado na koa miezaka hanafoka
Anay vahoaka izay nijaly tamin`iny lalana iny,
F`izahay dia leo mpitondra, dedaka ary koa tia doka,
Ka ny hanaisotra azy ireo no tanjonay ankehitriny !

Hery maro samihafa no efa miaraka manonja,
Ka mivadi-po tanteraka ianareo ry mpiombon-dakana ?
Ny firaisanay toy izao dia manan-kevitra mafonja,
Ka sasara ry mpitondra mbola handrava sy hisakana !

DADAN`i ZINA (29-01-21)